Antananarivo, 13 Jolay 2012

Ho an'ny

Filoha sy Birao Synodam-Paritany

-ANTANANARIVO-

Antony :***Vokatry ny Fanapaha-Kevitry ny KMSPAnta, 03 Jolay 2012***

Hampitomboina aminareo mandrakariva anie ny Fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika.

Nanana akony ratsy teo amin'ny fiainam-pifandraisana sy fiaianam-piangonana teto amin'ny Synodam-Paritany Antananarivo ny fomba niatrehena ny fifidianana Febroary 2012. Ho famahana izany olana goavana tsy mampandroso Fiangonana izany, dia nampanantena hampanao fifamelan-keloka hiravonan'ny fihavanana ny KMSPAnta izay nivory ny Mars 2012. Tsy mbola tanteraka anefa izany fampihavanana izany, izay marihina etoana fa tsy tokony ho an'ny mambra KMSPAnta ihany fa hoan'ny Synodam-Paritany manontolo.

Tsy vitan'ny hoe tsy natao ihany ny fifamelan-keloka fa nampiana koa famindran-toerana pastora miisa 23 ny 03 Jolay 2012, izay tena manakorontana fiainam-piangonana tokoa, sady miteraka fampifandrafian'ny samy Pastora ato amin'ny Synoda. Manginy fotsiny ny fanaratsiana sy ny fanasoketana ireo izay nafindra toerana. Mampalahelo tokoa izany toedraharaha mamono fiainam-piangonana izany.

Efa nisy ny dinika nifanaovana tamin'ny Filohan'ny Synodam-Paritany ny 09 Jolay 2012 nefa tsy nahitam-bahaolana izany.

Koa manloana izany loza mitatao amin'ny fiainan'ny Fiangonana izany, izay miteraka fihemorana sy faharavana, dia hazoninay izay manao sonia eto ambany fa tsy mahasoa ny fiangonana ny fanatanterahana ny fanampahan-kevitry ny KM SPAnta (03/07/12), tsara ny handinihana lalina izany amin'ny ambaratongam-pahefana ambony kokoa(KSPAnta),sy ny hanatanterahana haingana ny fampihavanana anatin'ny Synoda.

Misaotra Tompoko sy manao veloma anareo amin'ny Anaran'ny Tompo.